



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaveran' - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-275

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA
MANOMBOKA NY TALATA 21 NOVAMBRA 2023 KA HATRAMIN'NY TALATA 5 DESAMBRA 2023

Fivoriana faha-3
Natao ny
Alatsinainy 27 Novambra 2023
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah
- Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

FOTOANA: Alatsinainy 27 Novambra 2023, tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena vokatry ny Diniky ny Filoha manomboka ny Talata 21 Novambra 2023 ka hatramin'ny Talata 5 Desambra 2023.

Nitohy ny Alatsinainy 27 Novambra 2023, tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny mpivory rehetra mba hangina iray minitra ho fanomezam-boninahitra an'Itompokolahy RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra voafidy tamin'ny Faritanin'Antananarivo izay nodimandry tamin'ny Zoma faha 10 Novambra 2023 lasa teo.

- Iray minitra fahanginana -

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana ny tenany, ka Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe, Kestora Fahatelon'ny Antenimierampirenena no nanatanteraka izany.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha ary niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky ny famintinana ny fivorian'ny «Conférence des Présidents» izay natao ny atoandro teo ny tenany.

Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe hatrany no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY «CONFERENCE DES PRESIDENTS» NY ALATSINAINY FAHA-27 NOVAMBRA 2023

Nivory ny Alatsinainy faha-27 Novambra 2023 nanomboka tamin'ny 11 ora, atondro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha Mpitarika ny fitenenana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Marihana fa tsy nisy solotenan'ny Governemanta tonga nandritra ny fotoana. Nanapakevitra ny mpivory fa hotohizana ny fivoriana ary hantsoina kosa izy ireo hanatrika ny fivoriambe izay hatao anio tolak'andro.

Novakiana avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Talata faha-21 Novambra 2023 tamin'ny 10 ora, maraina.

Nolanian'ny "Conférence des Présidents" avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Talata faha-21 Novambra ka hatramin'ny Talata faha-5 Desambra 2023 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alatsinainy faha-27 Novambra 2023 amin'ny 3 ora, tolak'andro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

ORDRE DU JOUR

pour la période du **Mardi 21 Novembre 2023** au **Mardi 05 Décembre 2023**

MARDI 21 NOVEMBRE 2023

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent-(Salle BP)

LUNDI 27 NOVEMBRE 2023

10H 00: Conférence des Présidents-(Salle BP)

15H 00: SEANCE PLEINIÈRE - (Salle des Séances)

Adoption de l'ordre du jour

MARDI 28 NOVEMBRE 2023

10H 00: Présentation du Projet de Loi N°023/2023 portant Loi de Finances pour 2024 par Madame la Ministre de l'Economie et des Finances - (Salle des Séances)

11H 00 et 15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

*Commission des Finances et du Budget (Saisie au fond)

*Commission de l'Economie et de la Planification (Saisie pour avis)

*Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques (Saisie pour avis)-(Salle BP)

- Projet de Loi N°023/2023 portant Loi Finances pour 2024

MERCREDI 29 NOVEMBRE 2023**10H 00 et 15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- *Commission des Finances et Budget (Saisie au fond)
- *Commission de l'Economie et de la Planification (Saisie pour avis)
- *Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques (Saisie pour avis)-(Salle BP)

- Projet de Loi N°023/2023 portant Loi Finances pour 2024

JEUDI 30 NOVEMBRE 2023**10H 00 et 15H 00: SEANCE PLENIERE - (Salle des Séances)**

- Projet de loi N°023/2023 portant Loi Finances pour 2024

VENDREDI 01 DECEMBRE 2023 - (Salle BP)

10H 00 et 15H 00: Séance de présentation de l'analyse sur les privations des enfants à Madagascar et sur les analyses budgétaires pour les secteurs sociaux, présentée par l'UNICEF, avec les Membres de la Commission des Finances et du Budget et de la Commission de la Santé Publique - (Salle BP)

MARDI 05 DECEMBRE 2023

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent - (Salle BP)

**FICHE DE PRESENCE
CONFERENCE DES PRESIDENTS**

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
01	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
02	RAHANTANIRINA Lalao	Vice-Présidente
03	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Présidente
04	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
05	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur
06	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur
07	ANGELE Solange	Rapporteur Général
08	RAFENOMANANTSOA Tsimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission des Ressources Stratégiques	RAVONTY Tam Teon Luc Urbain	IRD
02	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
03	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
04	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
05	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
06	Commission de l'Agriculture et du Développement Rural	RANDRIANASOLO Jean Nicolas	GPR
07	Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD
08	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
09	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR

PRESIDENT DE GROUPE PARLEMENTAIRE

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOM ET PRENOMS
01	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona

REPRESENTANT DE GROUPE PARLEMENTAIRES

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
01	TIM	RAMBOASALAMA Emilien

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny famakiana ny famintinana ny fivorian'ny Diniky ny Filoha, Ramatoa Filoha.

Rehefa izay, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika izany ny mpivory.

Samy tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny famintinana ny fivorian'ny Diniky ny Filoha na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana.

Taorian'izay, nambarany fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory ka nanomena fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Tsy nisy nanan-kolazaina mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny Solombavambahoaka, ka nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso avy hatrany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika izany ny mpivory.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 39 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata faha-21 Novambra 2023 ka hatramin'ny Talata faha-5 Desambra 2023.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, rahampitso Talata 28 Novambra 2023 amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivoriambe fampahafantarana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2024 na ny «Présentation du Projet de Loi N°023/2023 portant Loi de Finances pour 2024» hataon-dRamatoa Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izay hotanterahina ato amin'ny «Salle des Séances».

Amin'io andro io ihany, amin'ny 11 ora, atoandro sy amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ny asam-baomiera mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-023/2023 «portant Loi de Finances pour 2024», ka ireto avy ireo Vaomiera handray anjara amin'izany fivoriana izany: ny «Commission des Finances et du Budget (saisie au fond)», ny «Commission de l'Economie et de la Planification (saisie pour avis)», ny «Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques (saisie pour avis)». Nambarany fa hatao ao amin'ny «Salle BP» izany asam-baomiera izany.

Nanentana ny Solombavambahoaka mba ho tonga maro amin'ny fanatrehana izany asam-baomiera izany, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Niato tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona